# Ilay Voa Tsara Nafafy 09 Novambra 2018

**9** **Zoma**
novambra

***(Hoy Jesosy tamin'ny mpianany :)*** **Ho avy ny andro, ka hataon' izay rehetra mamono anareo fa manatitra fanompoam-pivavahana ho an'Andriamanitra izy. Ary izany no hataony, satria tsy fantany ny Ray na Izaho.** Jaona 16. 2, 3

**Fa Andriamanitra tsy naniraka ny Zanaka ho amin'izao tontolo izao hanameloka izao tontolo izao, fa mba hamonjeny izao tontolo izao.** Jaona 3. 17

## Narendrika miaraka amin'ny tafondro

Raha mitsidika ny „château du Haut-Koenigsbourg" any Alsace (Frantsa) ianao, dia hahita tafondro maro tamin'ny taonjato faha-16. Eo amin'ny iray amin'izy ireo, eo akaikin'ny lavaka fampidirana ny lahin-jiro, dia misy sarimivongana maneho an'i Kristy voahombo teo amin'ny hazofijaliana, narendrika miaraka amin'ny anjam-by manontolo. Io sarimivongana io ve noheverina ho ody fiarovana amin'ny ady izay atahorana hamoizana ny aina ? Sa ve ilay olona niatrika ny ady, nihambo ho manana an'i Kristy miandany aminy ? Mitory tsy fisainana mihoa-pampana ny fampiraisana an'i Kristy voahombo teo amin'ny hazofijaliana amina fitaovana fandripahana aina !

Nandritra ny fiainany manontolo Jesosy Kristy dia nampiharihary fitiavana sy famindrampo tsy hain'ny faharatsian'ny olombelona nohozongozonina. Na dia nohomboana teo amin'ny hazofijaliana aza Izy, dia tsy mba nanohitra. Ny tafondro dia natao hamonoana sy handringanana ; fa ny nanirahana an'i Jesosy Kristy kosa dia asa famonjena sy ny fanasitranana. Hay akambana ve ireo zavatra roa ireo ?

Ny sary-na hazofijaliana narendrika teo amina anjam-by namboarana tafondro dia mampahatsiaro ireo ady nihamboana hoe „ady masina", natao tamin'ny anaran'i Kristy. Izy rehetra ireny dia nampiharihary tsy fahatakarana velively ny toetran'i Kristy sy ny asa nanirahana Azy. Nandritra ny fiainany tetỳ an-tany Jesosy dia tsy mba niditra na oviana na oviana tamin'ireo ady nikasika ny firenena Israely. Ary tsy nitandro hasasarana Izy naneho, teo amin'ny fiainany, ny fitiavan'Andriamanitra ny olona rehetra. Tsy mba nanohitra Izy, rehefa nosamborina. Nanaiky hohomboana teo amin'ny hazofijaliana Izy. Fantany fa nilaina ny fahafatesany mba hahazoantsika ny fiainana mandrakizay.

Ny hafatra nampitain'i Jesosy dia hoe : „Tiava ny fahavalonareo ; manaova soa amin'izay mankahala anareo ; misaora izay manozona anareo, ary mivavaha ho an'izay manisy ratsy anareo" (Lioka 6. 27-28). „Aoka ho tahaka ny nitiavako anareo no mba hifankatiavanareo kosa" (Jaona 13. 34).